# “ Manatona ny iray Aminareo i Satana ka Miteny manao hoe : Iza no Nahary izao sy izao ? Iza no Namorona izao sy izao ? Mandra-pilazany hoe : Iza no Nahary ny Tomponao ? Koa rehefa tonga amin'izany izy, dia aoka hitady fiarovana amin’i Tompo Allah Ianao ary hitsahatra avy hatrany

Tatitra azo avy amin'i Abou Horaira (RA), Niteny ilay Iraka mahafatokin'i Tompo Allah (S.W.A) manao hoe : “ Manatona ny iray Aminareo i Satana ka Miteny manao hoe : Iza no Nahary izao sy izao ? Iza no Namorona izao sy izao ? Mandra-pilazany hoe : Iza no Nahary ny Tomponao ? Koa rehefa tonga amin'izany izy, dia aoka hitady fiarovana amin’i Tompo Allah Ianao ary hitsahatra avy hatrany ".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Mampahafantantra momba ny fitsaboana mahomby amin'ireo fanontaniana betsaka izay bitsibihin'i Satana amin'ny Mpino i Mpaminany (S.W.A). Dia hilaza i Satana : Iza no Nahary izao sy izao ? Iza no Namorona izao sy izao ? Iza no Namorona ny Lanitra ? Iza no Namorona ny Tany ? Dia hamaly Azy ny Mpino amin'ny valiny ara-mpinoana sy ara-natiora ary ny ara-tsaina amin'ny Teniny hoe : Allah, Saingy tsy mijanona eo amin’io fetra io anefa i Satana, fa mandroso hatrany mandra-pilazany hoe : Iza no Nahary ny Tomponao ? Fa rehefa tonga amin'izany dia manosika ilay bitsibitsika amin'ny zavatra telo ny Mpino Islamo : Amin'ny finoana an'i Tompo Allah. Ary fangatahana fiarovana amin'i Tompo Allah manoloana ireo Satana. Ary fitsaharana amin'ireo fanontaniana maro izay mitondra makany amin'ny fakampanahy.